



Foi et Lumière

Finoana sy Fahazavana

40, Boulevard Bischoffsheim, 1000 Bruxelles.
Taona faha 11, Laharana 04 – Desambra 2007

BELGIQUE-BELGIE
P.P
5060 SAMBREVILLE
6/69330

Destinataire

Mensuel – Editeur Responsable: Hery Rasoamanana.
Rue A.Chif 31 – 6 200 CHATELINEAU.

Matoandahatsoratra

Hery Rasoamanana

AREHETO NY JIRO

Ny volana Desambra no volana tsy ampy masoandro indrindra aty avaratra aty. Vokatry ny tsy fahampin'ny masoandro sy ny famirifirin'ny andro dia betsaka ny olona no malazo, tsy metimety lava . Misy ny tratry ny aretina manokana vokatry ny tsy fahampin'ny herin'ny hazavana . Soa fa misy ny fanafana isan-karazany vokatry ny fikarohan'ny manampahaizana ary afaka mitsabotena ny ankamaroan'ny sarababem-bahoaka . Ny manan-katao dia mandeha misinda mankany amin'ny firenena atsimo misy masoandro mibaliaka ka tsy ahitana maripàna latsaky ny 20°C

Ny vahoaka mipetraka amin'ny tapany atsimon'ny glaoby kosa dia miaina ao anatin'ny hafanana lalandava saingy tsy afa-manoatra noho ny fahantrana : ampy masoandro fa tsy ampy sakafo , ihanahan'ny valan'aretina isan-karazany. Dia tsy mitovy tokoa ity izao tontolo izao ity.

Tsy hiditra lalina hanadihady ny antony samihafa mahatonga izany tsy fitoviana izany isika . Saingy aoka ho tsorina fa ny fitiavantena no antony mahatonga ny tsy fitoviana : tsy voahevitra lalina ny hafa na ny olan'ny hafa... Eo no ilàna ilay masoandro sy afo miteraka hafanana avy amin'ny zanak'olombelona. Samia mandinika fa manomboka amina hetsika na fihetsika heverina ho faran'izay kely indrindra atao amin'ny namana na fianakaviana dia tena manova zavatra lehibe tsy ampoizina amin'ny fiainana an-davan'androny. Amin'izao faran'ny taona izao, fotoana natokana handinihaintena sy itarafana ny lasa , dia apetraho ny fanontaniana amin'ny tenantsika : voarehitra araka ny tokony ho izy va ny jiro tato am-poko mandrisika ahy hihevitra ny hafa ? Ao an-tsain'ny mpitondra fanjakana na ny mpitantana fikambanana samihafa misahana fiainambahoaka va ny mametraka izany fanontaniana izany amin'izao faran'ny taona izao ? Areheto misimisy kokoa ny jirontsika satria tsy mbola resy ra-fahantrana (na ara-panahy na ara-nofo) . Aoka ho ao an-tsaina mandrakariva anefa fa tompon'andraikitra koa izao sy ianao : ny hetsika na ny asa , hatramin'izay madinika indrindra no atreho fa tsy ny resaka manilika andraikitra amin'ny tsy antony . Misy tokoa ny mahay mampandry adrisa ka ny firain'ny vava mameno lohasaha, nefa ny firain'ny tanana eran'ny voatondro . Dia ho isan'izany va ianao ? Areheto ny jiro fa hazava ny lalanao . Mirary taona mazava sy vaovao ho antsika rehetra ary aza misaraka amin'Andriamanitra tompon'ny hazavana ry havana.

Dimanche 30 décembre : Noël Malgache !

AU BOTANIQUE (Bd Bisschoffsheim 40 1000 BRUXELLES - Métro Botanique) :

A 15 H : CULTE AVEC CENE - Une enveloppe sera distribuée à l'entrée pour une offrande spéciale au profit de la vie de la communauté.

A 16 H 30 : NOEL POUR TOUS !

VOUS ETES TOUS INVITES A MONTRER VOS TALENTS : CHANTS (seul ou en groupe), POEMES, ...

POUR TOUT RENSEIGNEMENT CONTACTEZ LES ANIMATRICES : CAROLINE : 0474 36 79 55 OU BETTINA : 0478 97 50 85

A 17 H 30 : TOUT LE MONDE AUTOUR DE LA BUCHE DE NOEL, BOISSONS CHAUDES.

Chacun est invité à amener une part de bûche.

LE CALENDRIER 2008 EST A VENDRE AU PRIX DE 5 EUROS !

VENEZ EN FAMILLE ET AMENEZ VOS AMIS ET CONNAISSANCE !

FALY MIARAHABA ANAO TRATRY NY KRISIMASY ARY MIRARY TAONA SAMBATRA HO ANAO.

NY FIADANAN'NY TOMPO HO AMINTSIKA MANDRAKARIVA.

NY SITRAPON'ANDRIAMANITRA

Paul RAKOTOARIVONY

(Gazety "Akon'Ambavahadimitafo)

Inona moa no anirian'Andriamanitra antsika. Tadiaviny ho inona isika ? Kendreny hanao ahoana ? Inona no sitrapony amintsika ? Maro no fikasany, ka izany rehetra izany dia ny hahasoa antsika. Na ireo heverintsika ho mangidy sy mampirotsa-dranomaso ; na ireo tsy maintsy hotazana eo am-pototry ny hazofijaliana, ets. dia fitiavana eo avokoa ka ikendrena hanoloram-pahasoavana antsika. Irin'Andriamanitra ho inona aho ? Fanontaniana mendrika hodinihina izany, ka rehefa fantatra ny valiny dia iezahana ho trararina.

Indreto misy telo hambara avy amin'ireo maro anirian'Andriamanitra antsika.

VOAVONJY : Tian'Andriamanitra ho voavonjy isika. Izany no zava-dehibe aminy, izany no makadiry, izany no voalohany. Raha lavo ny olombelona dia nampanantena Mpamonjy ho azy izy. Hevero kely izay nataon'Andriamanitra : nomeny ny Zanany Lahy Tokana. Fatratra izany ! Takatrao moa ve ny fiezinezin'izany ? Iza no mahatratra izay ambaran'izany ? Iza no mahalanja ny vesany, ary zovy no mahalaza ny soa ao aminy ? Izany no mahagaga sy ngeza ary ambony indrindra amin'izay nataon'Andriamanitra mba hahavonjy antsika. Tsy mbola nisy toy izany ary tsy hisy fanindroany. Ny Zanaka indray, mba hahalavorary ny famonjena antsika, dia niety tena, nandefitra nampianatra sy nitory, nanao soa, tsy nanana izay hipetrahan'ny lohany, nolavina, nenjehina, nosamborina, nisetrasetrana, fadiranovana tao Getsemane, nijaly tany Gologota, maty tao Kalvary, ets.

Nofoanany ny tenany. Tsy nijanona tamin'io fototra lehibe io fa mbola miasa hatrany hatrany mandraka ankehitriny hahavoavonjy antsika. Ai-mpaminany firy, ain'Apostoly firy no ritra sy lany nentina nitory io fitiavan-dehibe io ? Vola firy tapitrisa no voriana sy laniana isantaona eran'izao tontolo izao hampielezana ny tenin'ny famonjena ? Baiboly, toriteny, gazety fampianarana, fotoam-pivavahana. Zava-nitranga, ets. izany rehetra izany mbamin'ny marobe tsy voalaza dia hahavoavonjy anao sy izaho.

Azo ambara fa ny raharaha lehibe heverin'ny any andanitra, ary ny iray amin'ny goaibe ikatrohana eto antany, omban'ny fifonan'i Jesosy Tompo eo ankavanany Rainy, dia ny hanatanteraka ny famonjena antsika. Koa ny sitrapon'Andriamanitra ary dia ny hahavoavonjy antsika.

SAMBATRA : Io koa no tian'Andriamanitra ho antsika. Vantanina fa noharina ho sambatra isika ary natao ho tretrika sy noforonina hiadana. Mivezivezy ny olona ka mankatsy, mankaroa, mikaroka fahasambarana, ary

mandrakariva ao amin'izay tsy misy no itadiavany izany. Migoka ny ranon'i Sykara, ka mangetaheta lava eny. Ny sambatra ambara eto dia tsy ireo ataon'izao tontolo izao hoe sambatra dia ny manan-karena, be vola, manana trano soa, ambony ets, ets. Tsy ireo. Tsy mba zavatra ivelany no mahay mahasambatra antsika.

Ao amin'ilay efa nomena antsika ihany. Io no mahasambatra antsika. Izany no iray amin'ny antondiany. Ny fiadanako no omeko anareo, hoy lzy. Jesosy no ilay manome mihoatra ilay fahasambarana very tany Edena fahizay. Ny fifankazarana amin'ny Tsiotoha no hampiadana antsika, ary ny fandraisana an'i Kristy honina ao am-po : izay no tena fahasambarana.

Averina kely ny voalaza fa tsy misy zava-tsoa eto hahay hampiadana antsika, fa raha olona afa-pon'ny zavatra eto an-tany isika, ka mety ho sambatra tanteraka amin'ireo dia olona miety isika. Tsy nofo fotsiny isika, fa fanahy, ka tsy afaka hahasambatra na inona na inona izany eto. Izany no ambara tsotra : ao amin'ny tsy misy Jesosy, mahaleo monina Azy, eny, izay foana Kristy, na firenena izany, na fon'olona tsirairay dia tsy misy fahasambarana. Tian'Andriamanitra ho sambatra isika na eto na ary, ka omeny ny Zanany honina ao amintsika hahasambatra antsika.

MASINA : Io no hambara farany sady izany no hahalavorary iretsy roa voalaza eo ambony ; fa raha tsy misy firaisana aminy dia sarotra andrandraina ny famonjena sy ny fahasambarana, ary raha tsy masina indray isika dia tsy misy firaisana.

Irin'ny Tompo ho masina isika, ataovy ao an-tsaina izany, ary alenteho lalina ao am-po. Mandrakariva hadinontsika io zava-dehibe io. Tsarovy fa tsy maintsy ho masina isika. Hoy ny Tompo : "Ho masina hianareo, satria masina Aho". Fatratra ny Fitiavan'Andriamanitra antsika : ety isika iriny honenana, fa efa nanomanany fonena-mahasambatra ka hahita ny tavany. Tsy hiditra any anefa isika, raha tsy masina ; eny tsy hahita ny Tavan'ny Tompo raha tsy manana fahasaminana. Koa satria Kanana fahizay dia nampanantenainy fa homena ny taranak'i Abrahamana ; izay kosa ny lanitra natao ho an'ny olombelona ; nefa izay tsy masina tsy mba ho any (Apok. 21:27 ; Heb. 12:14).

Tian'i Kristy ho Masina ny Azy - ka hamasininy (Jao. 17:19), ka na mbola eto amin'ity fiainana ity aza, dia efa manana ny taratry ny lanitra efa manana Paradisa sahady, ka masina, tsy anjakan'ny loto na izay tsy madio, sambatra, satria voaroaka ny ratsy, foana ny fitiavan-tena, ary nandresy ny fitiavana, ka indro fa voavonjy !

Ry Malagasy ô ! Tian'Andriamanitra ho voavonjy isika, iriny ho sambatra isika, tadiaviny ho masina isika ! Izany no SITRAPON'ANDRIAMANITRA.

LES BERGERS

Par Marc Pernot, pasteur de l'ERF
(Évangile selon Luc 2:6-18)

Les bergers sont vraiment montrés en exemple ici. Ils sont les premiers à reconnaître en Christ leur sauveur et à en vivre. Chaque mot de ce récit est un appel qui nous est adressé, une idée pour embellir la vie et recevant la puissance de salut qu'est le Christ.

- Les bergers qui veillent dans la nuit nous appellent à ne pas désespérer quand tout est sombre autour de nous.

- Les bergers veillent sur leurs brebis pour qu'elles puissent se nourrir plutôt que de servir de nourriture aux loups et aux brigands. Les bergers nous appellent ainsi à veiller sur ceux qui nous sont confiés.

Dans ces éléments tout simples, nous avons déjà 2 points essentiels pour nous préparer à recevoir le salut que Dieu a préparé pour nous : veiller dans la nuit, veiller en espérant et en aimant. Les bergers sont alors sensibles à une lumière qui ne doit rien aux photons mais qui est la présence de Dieu. Ces bergers nous appellent ainsi à ne pas nous intéresser uniquement à ce que l'on voit avec les yeux, mais à voir aussi la lumière spirituelle que l'on voit seulement avec sa foi, avec son espérance en Dieu, avec son cœur.

Les bergers sentent la présence de Dieu au-dessus d'eux, ils entendent la Parole de Dieu. Et vous, n'entendez-vous pas, d'une certaine façon, au fond de vous-mêmes une parole qui vous invite à vous réjouir, à ne plus avoir peur ni des ténèbres ni des autres, ni même de Dieu. ; une Parole qui vous met sur pied et vous donne envie d'aller vers ce salut que Dieu vous a déjà donné ?

Les bergers savent écouter au-delà du silence. Ils savent reconnaître aussi les signes du salut de Dieu. Dans une petite chose un peu bizarre ils vont reconnaître la réalité de ce salut, la réalité historique de son action pour nous dans le monde. Dès à présent, dès ce monde où l'on mange et où l'on boit. Les bergers savent prier quand il faut, quand Dieu est là et veut leur dire et leur montrer quelque chose. Ils savent aussi s'arrêter de prier pour agir, pour mettre en action ce qu'ils ont reçu dans la prière.

Qu'est-ce qu'ils font ? Ils commencent par en parler entre eux, ce qui est souvent une bonne idée, puis ils se décident et ils se bougent.

Cette belle démarche les conduits à rencontrer le Christ et à en témoigner. Il est encore tout petit et ils auraient pu être déçus. Pourtant, même avec ce tout petit début de sauveur, les bergers ont déjà reçu énormément de choses :

- Ils ont reçu la lumière dans leurs ténèbres, la lumière véritable qui illumine toute chose.
- Ils ont reçu une Parole de Dieu et sa présence.

- Ils se sont mis à avancer, à espérer, à se réjouir, à parler entre eux et même à parler autour d'eux de ce que Dieu leur a donné.

- Ils ont vu, réellement, que Dieu est à l'œuvre pour sauver les êtres humains.

- Ils ont été mis debout, mis en route vers ce salut, et ils l'ont trouvé, reconnu, vécu.

C'est ce que nous pouvons nous souhaiter les uns aux autres pour ce Noël : recevoir maintenant, dans notre existence toute simple, de telles grâces, de telles bénédictions.

Car la Bonne Nouvelle n'est pas réservée à ces 3 ou 4 bergers de Bethléhem. L'Évangile est pour tout le peuple, nous dit ce texte, pour tous, pour chacun, pour nous aussi. Face à cet évangile qu'est le Christ, il n'y a pas de ténèbres trop profondes, ni de solitude si grande, il n'y a pas de désespoir ni d'angoisse qui ne pourrait pas être traversé par la bénédiction de Dieu.

Pour l'instant il s'agit d'un signe minuscule, comme un bébé au milieu d'un peuple entier, comme une lueur d'étoile, le sentiment d'une présence, un tressaillement de joie, un chuchotement d'un ami... mais déjà, quelque chose en nous ressuscite grâce au Christ. Quelque chose naît au plus profond de nous-mêmes avec ce Jésus de Nazareth.

Aujourd'hui, exprès pour nous, ces bergers nous sont donnés comme signe du salut de Dieu. Ce soir nous nous sommes mis en route dans notre nuit pour les voir, eux, pour regarder et entendre ce qu'ils nous apprennent sur le salut de Dieu.

- À nous de recevoir ce signe qui nous est donné.

- À nous de veiller avec eux dans les ténèbres, de veiller sur ceux qui nous sont confiés.

- À nous de ne pas nous fermer à la présence de Dieu qui est là, au milieu de nous et en nous, selon la promesse.

- À nous, avec ces bergers, d'entendre ce que Dieu veut nous dire et de voir la lumière qu'il donne pour éclairer nos pas...

- C'est à notre tour de recevoir le Christ comme Sauveur et Seigneur.

Comme ces bergers, nous mettons à profit les veilles de la nuit pour prier Dieu, pour chanter sa louange, pour lui confier nos craintes.

Dieu est à l'œuvre. Il nous est né un Sauveur, qui est le Christ, le Seigneur. Ce salut est bien réel, ce Sauveur est avec nous chaque jour, selon la promesse. Voilà la bonne nouvelle de Noël. Événement fondamental, universel, événement dont tout homme, même le plus démuné, même le plus étranger est digne d'entendre parler. Car la Bonne Nouvelle est pour tout le peuple, et qu'il y a un seul peuple, l'humanité.

Les bergers osent témoigner de ce salut, ils n'ont pas honte de ce Sauveur et ils parlent parce qu'ils ont subitement compris que le Christ n'est pas venu que pour eux, mais pour tous, pour chacun, et que ce chacun est un frère, une sœur en Christ.

Le Christ est né, ils l'ont vu, ils l'ont vu comme un petit signe de l'immense salut de Dieu. Maintenant ils ont sans doute hâte qu'il grandisse et se mette à parler et agir.

Mais déjà, même minuscule, même comme un simple début de signe, le Christ leur a donné de vivre et d'espérer, il leur a donné d'entendre et de se parler, il leur a donné de voir la lumière dans les ténèbres et de témoigner de cette lumière.

Ils ont participé à leur mesure, à éclairer l'univers d'un peu de joie véritable. La joie du Christ.

La voix de ces bergers a réveillé l'aurore. (Ps. 108:2)

VAOVAON'NY MKMB : VAOVAON'NY MKMB.

*Teraka.Amin-kafaliana no ilazana amintsika fa nahazo zazavavikely i Harivola sy Rivo Rakotoaly tamin'ny tapaky ny volana novambra lasa teo . Tomady ny reniny sy ny zaza . Antenaina fa hoavy hiara hivavaka mintsika ny fianakaviana amin'ny faran'ny volana desambra izao. Andriamanitry ny Fiadanana anie homba hatrany izany tokantrano izany ary hitombo amin'ny lafiny rehetra ny zaza.

*Fivoriambe .Antsoina ny mpikamabana rehetra ato amin'ny MKMB ho tonga hanatrika ny fivoriambe hanadaniana ny tetibola taona 2007/2008 amin'ny Alahady 27 Janoary 2008, aorian'ny fanompoampivavahana . Marihina dieny izao moa fa hisy fiarahamisakafa amin'io fotoana io hifampiarahabantsika mianakavy noho ny fahatrarana ny taona vaovao . Koa soraty dieny izao amin'ny diarinao io daty io.

*Tafika Masina : famangiana . Ny famangiana ataon'ny vaomieran'ny tafika masina amin'ity volana Desambra ity dia any Tournai , ny Asabotsy 15 Desambra . Antsoy ny tompon'andraikitra amin'izany raha mila fanazavana hafa na fampaherezana ianao na ny fianakavianao : 0484 79 62 37. Aoka tsy hisalasa .

*Antoko mpihira MKMB. Manao antso hatrany ny tompon'andraikitra ny antoko mpihira ho antsika tia midera ny Tompo amin'ny alalan'ny hira : tongava manatevin-daharana . tongava amim-pitiavana . Antsoy ny tompon'andraikitra : 0478 97 50 85.

*Bibliothèque de la MKMB. Notre bibliothèque est de nouveau en fonction . Avant d'emprunter des livres, nous sommes priés de s'inscrire auprès des responsables : Edith, Ronald , Sylvia (0485 54 20 58). Vous pouvez visiter la liste des livres sur notre site www.mkmb.be , rubrique 'Bibliothèque'.

*Cours de Malagasy. Reprise du cours le SAMEDI 03 Février 2008 à 10h, au 1er étage du Botanique (mètre botanique).

NY OLON'NY PROTESTANTA MALAGASY : RAZAFIMAHEFA Rainy (22 aogositra 1867 – 10 septambra 1961)

Nalaina tao amin'ny Gazety "Akon'Ambavahadimitafo"

Tsy azo sarahina amin-DRABARY sy RAVELOJAONA ny tantaran-dRAZAFIMAHEFA Rainy. Izy telo andrarezin'ny Fiangonana Protestanta Malagasy ireo mantsy no nantsoina hoe "les trois grands". Betsaka anefa ny azo lazaina momba an-dRAZAFIMAHEFA, koa dia famintimpintinana ihany no hatao eto. Hampahafantarina fohifohy ny momba ny fiainany amin'ny ankapobeny, ny fianarana norantoviny, ny andraikitra samihafa noraisiny teo amin'ny sehatry ny firenena, teo amin'ny sehatry ny fampianarana sy fanabeazana, teo amin'ny sehatry ny asa soratra, ary indrindra teo amin'ny sahan'ny Fiangonana.

Topy maso ankapobeny amin'ny fiainana nodiaviny.

Teraka tamin'ny 22 aogositra 1867. Zanak'i RAMAMBA, Andriambaventy avy ao Ambohitovovon-Andriambaventy, tamin-dRamatoa RASOANAMBO izay vadiny faharoa . Nanan-jandry anankiray izy, dia RANDRIAMAHEFA, teraka 1869.

Rehefa tonga taona izy dia nampakatra an-dRANJAVELO teo Ambohipeno ho vadiny. Izy io dia zanak'i RAKOTOMANGA RAINITANTELY sy Ramatoa RAVELO. Tao Ambavahadimitafo no nohamasinina ny fanambadiany ny 04 novambra 1884. Folo mianadahy ny zanak'izy mivady.

Noho ny fianarana nataony, ny asa aman-draharaha nosahaniny, ary ny raharaham-pirenena tamin'izany, dia nifindrafindra toerana izy, na teto Madagasikara izany, na tany Frantsa. Teto an-toerana moa dia : Antananarivo, Ambohimalaza, Ankazobe, Faratsiho, Mahereza (avaratra kelin'i Fenoarivo), Ambositra. Teo amin'ny faha 94 taonany izy no nodimandry (10 septambra 1961). Ary araka ny faniriany, dia eo amin'ny tokotanin'ny Fiangonana Manarintsoa-Ambositra no nandevenana azy.

RAZAFIMAHEFA sy ny fianarana norantoviny.

- Tao amin'ny sekoly Ambavahadimitafo no nanaovany ny ambaratonga voalohany. Tamin'izany, dia efa niavaka izy noho ny faharanitan-tsainy. Nahazo ny laharana voalohany hatrany. Koa rehefa nantsoina hiakatra Anatirova ireo mpianatra rehetra nahazo laharana ambony isa-tsekoly tamin'ny faran'ny taom-pianarana 1879, dia izy no solontenan'Ambavahadimitafo. Nila mpanoratra moa ny Andriana. Tao amin'ny Birao Miaranila tao amin'ny Ministère de la Défense Nationale no nametrahana azy, ary ho mpanoratra ny volan'Andriana nampandoavina ny olona hividiana basy any Amerika. Fanompoampirenena moa izany asa izany, ary naharitra herintaona.

Nilatsaka ho mpianatra tao amin'ny Ecole Supérieure d'Enseignement Général tao Ambohitovovon izy ny 04 janoary 1881. Nitana laharana ambony hatrany izy tao amin'ny kilasy nisy azy. Havanana tamin'ny taranja maro

: Physique, Chimie, Mathématiques, Anglais, Solfa, Nahita izany fahaizany izany ny Talen-tsekoly ka dia nandray azy ho mpampianatra mpanampy amin'ny taranja Mathématiques tao amin'ny kilasy faha 6 sy faha 7 raha mbola tao amin'ny kilasy faha 5 izy.

Ankoatra ny fianarana an-dakilasy, dia niangavy ireo mpampianatra kalazalahy izy mba hanome azy lesona manokana. Nahazo fahafaham-po izy. Nampianatra azy :

JUKES : nampianatra Hevi-teny Soratra Masina, Rhétorique,

Dr STANDING : nampianatra Mathématiques, Pédagogie, Psychologie, Anglais

Rev. BARON : nampianatra Botanique, Géologie.

Mr COUSINS : nampianatra Philosophie.

Mbola notovonany fampianaran-tena niaraka tamin'ireo namana aman-tsakaizany toa an-dRAMAMBAHASINA, ary indrindra tamin-dRABARY izany. Tena nandranitra azy tokoa, hono, ny fiarahany tamin-dRABARY izay teo ambany sokajin'ny mpampianatra mahay rahateo, toa an'i :

Mr WILSON : nampianatra azy ny Euclid

Mr SIBREE : nampianatra azy ny Théologie

Mr LORD : nampianatra azy ny Sciences Naturelles.

Rehefa lasa zanatany i Madagasikara (06 aogositra 1896), dia namoaka didy aman-dalana maro ny mpitondra vaovao. Ho an'ny Fampianarana dia nahitana andininy toy izao :

- tsy maintsy foanana tanteraka ny fampianarana ireo taranja mamohafoha ny fahatsiarovana ny maha Malagasy : Histoire, Géographie, Grammaire, sns.

- ny teny frantsay no tsy maintsy ampianarina.

Sahiran-tsaina tokoa RAZAFIMAHEFA teo anatrehan'izany, satria ny teny anglisy no nampianarana sy nanabeazana azy, ary diplaoma anglisy no ananany. Koa dia nikaro-dalana izy, niaraka tamin'ireo namany vitsivitsy, ny amin'izay mba hahazoany manohy ny fianarany any Frantsa. Nanatona ny Pasteur LAUGA ry zareo. Nanaiky ny hikarakara azy ireo ity raiamandreny am-panahy ity, ka dia tanteraka ny faniriany. Valo lahy ry zareo no indray nanainga ho any Frantsa : RABARY, RAZAFIMAHEFA, RABETAFIKA, Joseph ANDRIANAIVORAVELONA, RASOAMIARAMANANA, RAKOTONIRAINY, RABEMANANJARA, RASOANAIVO Charles.

Tao amin'ny "Maison des Missions" tao Paris no nipetrahan-dry RAZAFIMAHEFA sy RABARY, ary RASOAMIARAMANANA sy RABETAFIKA. Tena nilofo mafy tamin'ny fianarana tokoa izy ireo. Tsy latsaky ny ora valo isanandro, hono, no nolaniany tamin'ny vaky boky, sy tamin'ny fanatonana ny profesora DOLLE izay nikarakara manokana ny fampianarana teny frantsay ireo tanora vahiny niofana ho misionera.

Mba hahafolahana tsara sy haingana ny teny frantsay, dia toy izao ny fomba fianatra narahiny : mamaky boky, dia miresaka, dia manoratra. Teo am-boalohany, dia nifampiresaka tamin'ny teny malagasy ihany ry zareo. Fa tato aoriana, dia nifantoka tamin'ny teny frantsay

tanteraka, araka izao hita tao amin'ny DiarindRAZAFIMAHEFA ny 08 febroary 1897 izao :

"Je résous, pour me perfectionner en français, de ne plus parler en malgache, sauf à la nécessité, jusqu'à mon retour à Madagascar."

Nanararaotra nandalina taranja hafa koa izy : Philosophie (tamin'ny Profesora ALLIER) , Littérature française (Profesora DOLLE), Introduction de la Bible (Profesora KRÜGER),

Ary tany amin'ireo fitetezam-paritany nataony tany Frantsa, sy tany amin'ireo fivoriana natrehiny, dia nanandrana nandaha-teny tamin'ny teny frantsay izy. Tsy ela akory dia nahafolaka ity teny vahiny ity tokoa izy. Hoy ny hita tao amin'ny gazety navoaky ny Ecole de Dimanche ny 30 oktôbra 1897 : " Ce sont des hommes intelligents et instruits qui font le plus grand honneur aux missions évangéliques qui les ont formés. [] En entendant le 19 Mars dernier, au Temple de Saint Esprit à Paris, le discours de l'un d'eux, M. RAZAFIMAHEFA, on se disait qu'il y a bien peu d'Européens qui eussent été capables au bout de quatre mois de séjour à Madagascar, de parler la langue de ce pays, avec la facilité à se servir du français, que ce Malgache avait acquis en si peu de temps."

Tsy nanamaivanany ny tenin-drazany sy ny tanindrazany anefa izany. Hoy ny teniny : "J'espère enfin que Madagascar, ayant reçu les impressions de la lumière civilisatrice, chrétienne et française, remplira jusqu'à son moindre devoir filial envers la France, mais que pourtant Madagascar restera toujours Madagascar." (ampahany tamin'ny kabary nataony tao amin'ny "Oratoire de Paris" io ho fanaovam-beloma ireo misionera).

Naharitra hatramin'ny faramparan'ny volana jolay 1898 ny fijanonany tany Frantsa. Ny 28 jolay 1898 izy no tafaverina an-tanindrazana.

RAZAFIMAHEFA sy ny raharaham-pirenena.

Rehefa tonga teto i Hippolyte LAROCHE, Résident Général, dia nitady Malagasy manam-paizana hiasa hanampy azy, ary homeny toerana tsara sy karama betsaka. Anisan'ny nantsoiny RAZAFIMAHEFA, nefa nandà. Hoy ny tononkirany :

"Ahy Jeso : ampy izay !"

Nahazoany fankasitrahana ireo boky nosoratany tany Paris ny taona 1898 : Histoire de France sy Petite lecture française :

- ny "Médaille de l'Alliance Française" avy amin'ny Comité de l'Alliance Française à Paris.

- ny "Ordre de Mérite Malgache de 2è classe" avy amin'ny Gouverneur Général.

Raha nipoaka ny raharahan'ny V.V.S tamin'ny faramparan'ny taona 1915, dia anisan'ny nosamborina RAZAFIMAHEFA. Voaray tamin'izany koa RABARY, RAVELOJAONA, Venance MANIFATRA, ny Frère RAPHAËL, ny Frère JULIEN. Nampangaina izy sy ireo namany ao amin'ny nantsoina hoe "Les quarante et un" fa mikomy amin'i Frantsa. Ny tena niampangana azy dia ilay tononkira noforonin'izy sy RABARY tamin'ny 1895

ho fankaherezana ireo miaramila malagasy niatrika ady tamin'i Frantsa tamin'izany. Toy izao ny andininy iray :

“Tsy mba mafy izany maty

Miaro tany nahabe

Ny kanosa injato maty

Fa ny sahy indray mandeha !”

Nampidirina am-ponja teny Antanimora izy. Ny zoma 18 febroary 1916, dia afaka madiodio, kanefa ny volana marsa dia nalefa sesitany (résidence fixe) tany Ankazobe izy sy RABARY. Avy eo dia nosarahina indray izy roa lahy, ka :

- RABARY nalefa tany Fihaonana

- RAZAFIMAHEFA, nalefa tany Faratsiho.

Sesitany tany Faratsiho izy izany nandritra ny roa taona (avrily 1916 – 31 mey 1918). Nahafinaritra azy anefa ny fiainana tao amin'ny station Missionnaire tao Ambohimahatazana-Faratsiho.

RAZAFIMAHEFA mpampianatra

Araka ny efa voalaza, dia mpampianatra tao Ambohijatovo no nidirany voalohany teo amin'ny sehatry ny fampianarana.

Rehefa tafaverina avy any Frantsa izy, dia nampianatra Matematika sy Français tao Ambohijatovo ; lasa Tale tao moa izy ny taona 1913-1915.

Marihina fa rehefa lasa i Alphonse RAVOAJANAHARY, dia nangataka tamin'ny MPF izy mba handefa misionera hitantana ny sekoly tao Ambohimalaza. Fantany fa tsy hivaly vetivety ny fangatahany, ka dia izy aloha no nitondra ny sekoly (1903). Ny taona 1904 vao tonga i Mademoiselle J. DERIAZ. Nijoro ny Sekoly VINET.

Taorian'ny naha sesitany azy tany Faratsiho, dia lasa mpampianatra tao amin'ny Ecole Biblique tao Mahereza-Fenoarivo izy. Volavolaina ho mpikarakara Fiangonana sy ho mpitoriteny ny mpianatra tao.

Tany amin'ireo sekoly rehetra nampianarany dia nahazo fahafaham-po hatrany ireo mpianany. Hoy ohatra, RAVELOJAONA izay mpianany tao Ambohijatovo :

“Sekoly nahitan-tsoa be dia be Ambohijatovo ; tsy azo hadinoina Ingahy RAZAFIMAHEFA mpampianatra ny kilasy faha 3.

“Ny voalohany notanan'Ingahy RASOAMANANA, ny faharoa notanan'Ingahy RAJAFETRA, ary ny fahatelo an'Ingahy RAZAFIMAHEFA (tamin'ny fanjakana malagasy) no dia tsaroana miavaka indrindra tamin'ny prof. rehetra. Laniko loatra ny toetrany rehetra, fitondran-tena, fahaizana, fomba fampianatra. Izy no Malagasy, eny ny olona voalohany sady tiako no nohajaiko.”

Toy izao koa ny hevitra ny hafa :

“Mpampianatra mahay Ingahy RAZAFIMAHEFA, ary mpitondra mahery. Tena natao ho mpitarika. Ilay antsoin'ny Anglisy hoe “leader” Izy no Malagasy voalohany nampitanan'ny Mission andraikitra lehibe fitondrana sekoly raha ny hangeznan'Ambohijatovo no heverina. Nampianatra tao nandritra ny 31 taona (1885-1915), Directeur tamin'ny farany (1913-1915).

“Nisidina avo dia avo ny fampianarana sy ny fitondran-tekoly hita tao Ambohijatovo faha JHONSON, faha

STANDING, faha RAZAFIMAHEFA.” (H. RAZAFINTAULO)

RAZAFIMAHEFA sy ny raharaham-piangonana.

Marihina fa RAZAFIMAHEFA dia tsy mpianatra ny Kolejiny mpitoriteny izay namolavola ireo izay ho lasa Mpitandrina na Evanjelista. Noho ny fampianarana azony tamin'ireo profesora teny amin'ny Kolejy anefa, dia nekena ho mpitoriteny izy. Ary tany Saint Aubin tany Frantsa, tamin'ny volana janoary 1898 no nanekena azy ho Mpitandrina. Andraikitra maro samihafa no nosahaniny :

- teto an-toerana moa dia nametrahany ny Misiona adidy betsaka izy, ary dia nanao izay tratry ny heriny tokoa izy sy RABARY. Asa telo goavana no dia nampiavaka azy ireo dia :

* ny fanatanterahana fotoam-pivavahana any antokantranon'olona amin'ny hariva. Nahomby tokoa izany satria nisy lasa Mpitandrina ny sasany tamin'ireny notsidihany an-tokantrano ireny. Ohatra amin'izany RABETAFIKA.

* ny fiaraha-mivavaka tamin'ireo miaramila voatana teny am-ponja noho ny ady nifanaovana tamin'ny Frantsay ho fanoherana ny teny zary didy jadona nataon'i Le MYRE DE VILERS ny amin'ny haha “Protectorat français” an'i Madagasikara. Azo lazaina fa izany no endriky ny aumônerie voalohany teto.

Raha novonoin'ny MENALAMBA ry Mr JHONSON telo mianaka tao Arivonimamo (22 novambra 1895), dia RAZAFIMAHEFA no nisolo ny misionera FFMA tamin'ny fitsidiham-paritra sy tamin'ny fitarihana ny fivoriambe-piangonana.

Nanampy ny misionera tamin'ny fitondrana ny distrikan'Ambatomanga (MPF) koa izy. Nandray andraikitra tao amin'ny Isan'Enimbolan'Imerina. Voafidy ho Tonia tao ny taona 1913.

Teo amin'ny fitandremana Fiangonana mivantana, dia toerana roa no nanefany ny adidiny : Ambohimalaza sy Manarintsoa Ambositra :

- Ambohimalaza Fiangonan-drazany no notandremany voalohany raha tafaverina avy any Frantsa izy (1898-1915). Izy no nahitan'Ambohimalaza izany hoe Hazo Noely (1898). Mafonja ary feno fahasahiana sy fahavononana tokoa ny fianianana nataony an-tononkira tamin'ny fanokanana azy. Ilay hira malaza hoe “Mananjara ry Jesosy” moa izany. Toy izao ny andininy faharoa :

“Izao no zara fanompoako voatendrinao,

Ka na mafy tsy ahoako hahefako izao ;

Tsy handosi-pahoriana ny mpiasanao,

Fa ny hazo fijaliana, lova taminao.”

Manarintsoa Ambositra indray no nizarany fitiavana, fahendrena, fahaizana amam-pahalalana nandritra ny taona maro (1925-1961). Izy moa no nisolo ny mpitandrina RAJAFETRA izay nodimandry ; tamin'ny fanokanana azy ny 23 aogositra 1925, dia tonga nanotrona azy RABARY sy RAVELOJAONA. Tafavory izany ny “les trois grands” ka natahotra ny mpitondra fanjakana, ary nandefa mpitsikilo. Niezaka tokoa izy

handamina sy hampiroborobo ireo Sampana tao amin'ny Fiangonana. Dia natsangany ny Antokom-pihira izay nahitan'Ambositra voalohany izany atao hoe Antsampanahy. Teo amin'ireo vahoaka kristiana notandremany, dia Papa sy Maman tahaka ny fiantsoan'ny fianakaviany azy no niantsoana azy mivady. Ny Dr WEISGERBERG, Médecin Inspecteur tao Ambositra moa, raha nandre azy nanao toriteny tamin'ny teny frantsay sy teny anglisy, dia loa-bolana hoe : "Voilà !... une tête noire vraiment épatante !"

Efa miresaka ny fahaizany mitory teny ihany, ka tsara raha mba asiana teny ny fomba fandaharany teny. Hafa kely tokoa mantsy hono, ny fomba arahiny raha mivaofy hevitra. Na dia ireo hevitra momba ny fivavahana aza, dia nohazavainy ara-tsiansa aloha. Ohatra, raha niteny i Jesoa hoe "Izaho no fahazavana", dia manao ny fivoasana ny hoe "fahazavana" ara-tsiansa izy aloha, vao manazava tsikelikely ny "maha fahazavana" an'i Jesoa.

Fony izy tany Frantsa, tany amin'ireo fitetezam-paritra nataony, dia tsy nitsahatra izy nitory ny tenin'Andriamanitra, niantso ny olona hanatona an'Andriamanitra, ary hirotsaka ho mpiasan'Andriamanitra mihitsy aza. Raha tsorina, dia nanao ny asan'ny Mpitandrina na Evanjelista izy.

RAZAFIMAHEFA mpanoratra.

Ny nanombohany nanoratra dia tao amin'ilay "Society Mampiely Trakta" izay niorina tao amin'ny Sekoly Ambohijatovo tamin'ny 15 novambra 1892. Anisan'ny mpanorina izany moa izy mivady sy RABARY mivady.

Taty aoriana izy, dia nanoratra tany amin'ny gazety maro : Mpanolo-tsaina, Sakaizan'ny Tanora, Ny Mazava, Ny Mpamafy. Toa miovaova arakaraka ny gazety ny lohahevitra novoasany :

Mpanolo-tsaina (1904-1915).

Izy moa, niaraka tamin-dRABARY, RAVELOJAONA, ary RAZAFINDRAKOTO, no nangataka alalana tamin'i M. DENIS, Directeur-n'ny Imprimerie Imarivolonitra ny mba hanohizana indray ny Mpanolo-tsaina izay natory nandritra ny taona vitsivitsy.

Lohahevitra momba ny Siansa, na novoasany ara-tsiansa no hita ao, toy ny hoe : Ny télépathie. Resadresaka momba ny Siansa, Ny Haromotana, sns.

Ary satria niely tamin'izany ny fironan-tsaina "liberté de pensée" izay nitaona ny olona tsy hanankina ny fiainany amin'ny finoana, dia nijoro RAZAFIMAHEFA hanohitra izany tao amin'ny gazety. Hoy ny tononkirany :

"Mandroso be ny tsy finoana

Ankehitriny izao

Ka toa mihafihafy foana,

Izahay sakaizanao.

Kanefa ataonay sanatria

Izay handao sakaiza tia. - R.Z.M

Nambarany fa mifameno, fa tsy mifanohitra akory ny Fivavahana sy ny Siansa.

Marihina fa nitondra solon'anarana izy rehefa manoratra :

H. Razaka, tamin'ny tantara

R.Z.M tamin'ny lahatsoratra sy tononkira.

Sakaizan'ny Tanora

Tato amin'ity gazety ity, dia mifidy toe-javatra iray izy, ary mivaofy izany amin'ny fomba mazava. Ohatra, momba ny "Hakamoana sy ny fanafodiny", ny "Sakaiza", sns.

Ny Mazava

Gazety natao ho an'ny vahoaka izy ity. RAZAFIMAHEFA no nanolotra ny gazety, nanazavazava ny anarany, ny antom-pisiany, ny tanjona kendreny.

Ankoatra ny maha mpanoratra azy, dia mpamoron-kira mahay koa izy. Efa hita izany tamin'ireo tononkira maneho ny ao an-tsainy sy ao am-pony. Tononkira tsy mba mitaraindraina, fa feno fahasahiana sy fahavononana tokoa. Tononkiran'olona natao ho Mpitarika !

Famaranana

Hamaranana ity fanadihadiana tsy feno ity, dia ndeha hindrana lohateny nataon'Andriamatoa Xavier DELMOTTE, Sénateur Maire tany Ambositra tamin'ny fotoana nandevenana azy, manao hoe : "Toute sa vie a été marquée par un idéal magnifique : "Servir Dieu, pour mieux servir son pays !

HISTOIRE DU PROTESTANTISME : Jean Calvin (1509-1564)

Jean Calvin est né à Noyon en Picardie en 1509 d'un père notaire et conseiller juridique du diocèse de Noyon et d'une mère pieuse. Très jeune, destiné par son père à la prêtrise comme son frère aîné, il est pourvu d'un bénéfice qui le met à l'abri du besoin.

Un juriste qui passe à l'humanisme

Après des études sur place, il est envoyé à Paris au collège de la Marche puis à celui de Montaigu (où il est condisciple d'Ignace de Loyola). A la suite d'un différent entre son père et l'évêque de Noyon, son père décide de faire de son fils un juriste et Jean Calvin va étudier à Orléans puis à Bourges avant de revenir à Paris. Ses études de droit terminées, il se tourne vers les lettres et se fait connaître dans le monde des humanistes par un excellent Commentaire du "De clementia" de Sénèque, rédigé en 1532 à l'âge de 23 ans.

Un humaniste gagné à la Réforme

Durant ses études de droit, il est en contact avec de nombreux "luthériens", professeurs ou étudiants. Cependant, dans un premier temps, il ne semble pas que le brillant étudiant qu'est Calvin se soit intéressé à autre chose qu'à ses études. Ce n'est qu'en 1534 qu'il passe brusquement à la Réforme, résilie son bénéfice et quitte la France après l'affaire dite "des Plaquards". Sur sa conversion, brusque et définitive, il restera toujours discret quant à la manière dont elle s'est déroulée. Juriste et humaniste, sa soif de vérité est très forte et l'Eglise Catholique de l'époque, en pleine confusion, ne peut guère lui apporter de réponse. C'est finalement dans l'écriture qu'il trouvera la vérité qu'il recherche. Sa seule ambition étant d'écrire,

il se retire à Bâle où il publie son premier livre à caractère religieux en 1536 : l'Institution de la Religion Chrétienne, ouvrage qu'il retravaillera tout au long de sa vie au point de le faire passer de 6 chapitres - en 1536 - à 80 chapitres - en 1564. Ce livre le fait reconnaître d'emblée comme un brillant théologien de la Réforme.

Le théologien de la Réforme

Homme de la deuxième génération, il n'innove pas particulièrement. Mais ce juriste est un écrivain précis : il construit la théologie de la Réforme. L'Institution de la Religion Chrétienne comporte une théologie d'autant plus claire que c'est un ouvrage adressé à François 1er pour défendre les "évangéliques", "luthériens" et autres "bibliens" persécutés que le roi laisse envoyer au bûcher depuis l'affaire des Plaquards.

- Sa théologie - comme celle de Zwingli - est enracinée dans une affirmation centrale : la souveraineté de Dieu qui s'exerce partout et sur toute sa création, humains compris.
- Sa théologie est également enracinée - comme celle de Luther - dans une autre affirmation, corollaire de la première : l'homme n'est sauvé, justifié, que par la seule grâce de Dieu, par le moyen de la foi en Jésus-Christ.
- Sa théologie est enfin enracinée dans une troisième affirmation qu'il partage avec Luther et Zwingli : l'autorité de la Bible est souveraine en matière de foi et de règle de vie. L'autorité de la Bible est placée au dessus de celle de l'Eglise.

Le théologien devient pasteur

Jean Calvin, au cours d'un déplacement à Genève y est retenu comme pasteur en 1536. Chassé de la ville en 1538 par le magistrat qui ne veut pas accepter la discipline ecclésiastique qu'il propose, Calvin se retire à Strasbourg où il exercera la charge de pasteur de la paroisse française de 1538 à 1541.

Pasteur de Genève et des réformés français

Rappelé en 1541 à Genève par les Genevois, il restera dans cette ville jusqu'à sa mort en 1564. Peu à peu, il va transformer la ville malgré l'opposition fréquente des magistrats. Il va alors mener de front un prodigieux travail d'écrivain (ouvrages de théologie, d'exégèse, de commentaires bibliques, de correspondances, etc ...), un travail de pasteur et un travail de fondateur d'un nouveau type d'homme : le calviniste.

Tout en assurant sa charge de pasteur de Genève, il va soutenir, par ses conseils, ses livres, ses encouragements, ses exhortations, les réformés français - ses compatriotes - pour lesquels il manifestera continuellement une grande sollicitude.

A suivre dans notre prochaine édition

KILALAON-TSAINA

Ny rarin-teny (Scrabble) dia fikarohana ireo litera mifandray sy mifanaraka amin'ireo isa samihafa (mitsivalana sy mitsangana) ary azo entina hamantarana ny ohabolana na hainteny ery ambany.

Hoy ilay Serzà tamin'ilay Kaporaly mamò nifanena taminy :

-Raha tsy ialahy no mamò lava toy izao, dia angamba efa mba lasa Serzà!

-Tsy raharahako inona izany, fa izaho rehefa mamò dia mahatsiaro ny tenako ho Kapiteny aho

| | | | | | | | | | |
|----|----|----|----|----|----|----|----------------|----------------|----------------|
| 9 | 2 | 1 | 4 | 3 | 7 | 9 | 5 | 9 | |
| 8 | 6 | 10 | 9 | | 3 | | E ¹ | L ⁸ | A ⁹ |
| 9 | 11 | | 12 | 9 | 12 | 9 | 11 | 6 | 13 |
| 7 | 6 | 9 | | 14 | 6 | 5 | 9 | 7 | 9 |
| 9 | | 7 | 9 | 13 | | 13 | | 9 | |
| 2 | 6 | 9 | 5 | | 15 | | 14 | | 16 |
| 3 | | 6 | 1 | 2 | | 17 | 6 | 2 | 9 |
| 17 | 3 | 15 | 4 | 9 | 18 | 6 | | 3 | 17 |
| 13 | 19 | | 1 | 10 | 6 | 7 | 9 | | 13 |
| | 9 | 5 | 20 | 6 | 2 | 9 | 4 | 9 | |

| | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|----|---|---|----|---|----|---|---|----|----|----|----|----|
| 2 | 9 | 17 | 6 | | 2 | 3 | 20 | 1 | 4 | 13 | | 15 | 17 | 13 |
| | | | | | | | | | | | | | | |
| 2 | 3 | 15 | 6 | 5 | 14 | 4 | 9 | | 2 | 6 | 14 | 13 | | |
| | | | | | | | | | | | | | | |